“Meteza ianao eto an-tany ho toy ny mpivahiny na mpadalo fotsiny

Tatitra azo avy tamin'i Abdollah bin Omar (R.A) niteny izy : nandray ny soroko ny Mpaminany (S.A.W) ary niteny hoe : “Meteza ianao eto an-tany ho toy ny mpivahiny na mpadalo fotsiny" Ary i Ibn Omar dia niteny hoe : Raha mahatratra ny hariva ianao dia aza miandry ny maraina, ary raha mahatratra ny maraina dia aza miandry ny hariva, ary araraoty amin'ny fahasalamanao ny aretinao, ary araraoty ny fahavelomanao ho amin'ny fahafatesanao.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

I Ibn Omar (R.A) dia nilaza fa nandray azy tamin'ny sorony ny Mpaminany (S.A.W) ary niteny taminy hoe : Meteza ianao eto an-tany toy ny hoe mpivahiny. Toy ny tonga tany amin’ny tanàna tsy nanananao trano hialofana, tsy nisy mponina mba hampiala voly azy, tsy misy fianakaviana sy zanaka ary olona iankinan’ny aina, izany no antony mahavariana ny olona hanadino ny Mpahary. Ary manaova mafy noho ny mpivahiny izay mandalo eny an-dàlana mitady ny tanindrazany. Satria ny vahiny dia mety honina any an-tany hafa ary monina ao, fa tsy toy ny mpandalo mikasa ny ho any an-tanindrazana, ny momba azy dia ny mijanona miala sasatra fotsiny, ary miezaka ny handeha any amin'ny taniny. Tahaka ny mpanao dia lavitra izay tsy mila afa-tsy izay hahatongavany any amin’ny toerana halehany, dia toy izany koa ny mpino eto an-tany dia tsy mila mihoatra an'izay ahatongavany any amin’ny halehany. Nanaraka izany torohevitra izany i Ibn Omar ary niteny hoe : Raha mifoha maraina ianao dia aza miandry ny hariva, ary rehefa tratra amin'ny hariva ianao dia aza miandry ny maraina, ary ataovy ho isan'ny olon'ny fasana ny tenanao, satria ny fiainana dia tsy hialan'ny fahasalamana sy aretina ; Koa afaingano ny androm-pahasalamanao amin'ny fankatoavana mialohan'ny aretinao. Araraoty ny asa soa amin’ny fahasalamana alohan’ny hanakanan’ny aretina anao tsy hanao izany, ary araraoty ny fiainanao eto an-tany, ary angony ao izay hahasoa anao aorian’ny fahafatesanao.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4704